

**LOI n° 96-017  
modifiant certaines dispositions de la Loi n° 91-025 du 12 août 1991 portant  
organisation et contrôle de la circulation des nationaux vers l'Extérieur**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Madagascar est le seul, sinon l'un des rares pays au monde, dont la sortie du territoire nécessite un visa aussi bien pour les nationaux que pour les résidents étrangers. Ceci constitue un lourd handicap pour les opérateurs malgaches qui ont besoin de circuler énormément aussi bien dans la région que dans le monde pour entretenir leur relation d'affaires avec leurs partenaires extérieurs, se mettre au jour de l'évolution technologique, et établir des partenariats pour investir à Madagascar, base d'une croissance soutenue et durable pour le développement du pays et la lutte contre la pauvreté.

Le Gouvernement se propose donc de faciliter le déplacement des nationaux hors du territoire en supprimant les visas de sortie, ceci étant compensé par une modernisation des équipements des postes frontières pour leur permettre d'être à jour sur les éventuelles interdictions de sortie d'ordre judiciaire.

Tel est l'objet de la présente Loi.

**LOI n° 96-017**

**modifiant certaines dispositions de la Loi n° 91-025 du 12 août 1991 portant  
organisation et contrôle de la circulation des nationaux vers l'Extérieur**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 02 août 1996 la Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Les dispositions des articles 2 et 9 de la Loi n° 91-025 du 12 août 1991 sont modifiées et remplacées par les dispositions suivantes :

**Article 2 (nouveau).**- Sous réserve des dispositions de l'article 9 de la présente loi, tout citoyen malgache est libre de quitter le territoire national et d'y revenir.

**Article 9 (nouveau).**- La sortie du territoire national peut être interdite à un national, sur ordre écrit de l'autorité judiciaire compétente, en cas de poursuites en cours engagées contre l'intéressé par les autorités ou organismes compétents pour infractions à la législation et à la réglementation en vigueur, punies par la loi d'une peine criminelle ou correctionnelle, ou en cas de condamnation définitive à une amende ou à une peine d'emprisonnement ferme pour crimes ou délits, si la peine, non éteinte par la grâce ou la prescription, ou non effacée par l'amnistie ou la réhabilitation, n'a pas encore été exécutée.

La levée de l'interdiction de sortie est ordonnée par l'autorité judiciaire compétente, d'office ou à la requête de tout intéressé, en cas de décision de classement sans suite ou d'extinction de l'action publique pour l'une des causes prévues par la loi, ou en suite de l'exécution de la condamnation.

Nonobstant ces dispositions, le national frappé d'interdiction de sortie peut, à sa demande, se voir accorder par l'autorité judiciaire qui a ordonné la mesure une autorisation exceptionnelle de sortie pour raisons impérieuses de santé ou de famille dûment prouvées.

**Article 2.**- Compte tenu des modifications apportées à l'article 9, l'intitulé du Titre IV de la Loi n° 91-025 du 12 août 1991 susvisé est modifié comme suit : **"TITRE IV : DE L'INTERDICTION DE SORTIE".**

**Article 3.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République de Madagascar.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 02 août 1996

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

**ANDRIAMANJATO** *Richard Mahitsison*

**ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Tanindrazana Fahafahana Fahamarinana**

**LALANA LAHARANA FAHA-96-017**

**manova ny fepetra saantsasany voalazan'ny Lalàna laharana faha-91-025  
tamin'ny 12 aogositra 1991 andaminana ny anaraha-maso ny fivezivezen'ny  
teratany any ivelany**

***FAMELABELARANA NY ANTONANTONY***

Madagasikara no hany, tokana, na ankavitsiana ny firenena manerana izao izay ilàna fahazoan-dàlana hivoaka ny tanim-pirenena, na ho an'ny teratany izany na ho an'ireo mpiorim-ponenana vahiny. Izany dia zary fahavoazana mitambesatra amin'ireo mpandraharaoha malagasy izay mila mivezivezy tokoa na any amin'ny faritra izany, na maneran-tany mba hikojakojany ny fifandraisana eo amin'ny asa aman-draharaoha amin'ireo mpifarimbona aminy any ivelany, hanarahany ny fivoarana eo amin'ny lafiny teknolojia, ary hizaha mpifarimbona hampiasa vola eto Madagasikara, izay fototra iorenan'ny fitomboana lavitr'ezaka sy maharitra ny harin-karena momba ny fampandrosoana ny Firenena sy ny ady atao amin'ny fahantrana.

Noho izany, ny Governemanta dia mihevitra ny hanamora ny fivezivezen'ny teratany any ivelany amin'ny alalan'ny fanafoanana ny fahazoan-dalana hivoaka any ivelany ka ny fanaovana ho arifomba ny fitaovana ampiasain'ny birao fiambenana any am-parafaritra no hameno izany, mba hahafantarana mandrakariva ny mety ho fandrarana vaovao tsy hivoaka any ivelany eo amin'ny lafiny ara-pitsarana.

Izany no antonanton'izao Lalàna izao.

### LALANA LAHARANA FAHA-96-017

**manova ny fepetra sasantsasany amin'ny Lalàna laharana faha-91-025  
tamin'ny 12 aogositra 1991 andaminana sy anaraha-maso ny fivezivezen'ny  
teratany any ivelany**

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny 02 aogositra 1996 izao lalàna manaraka izao :

**Andininy voalohany**.- Ny fepetra voalazan'ny andininy faha-2 sy faha-9 ao amin'ny Lalàna laharana faha-91-025 tamin'ny 12 aogositra 1991 dia ovàna sy soloina amin'ireto fepetra manaraka ireto :

**Andininy faha-2 (vaovao)**.- Na dia eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy faha-9 amin'izao lalàna izao, dia malalaka ny olom-pirenena Malagasy rehetra hiala sy hiverina eto amin'ny tanim-pirenena.

**Andininy faha-9 (vaovao)**.- Mety handrarana teratany iray, ny fivoahana eto amin'ny tanim-pirenena, amin'ny alalan'ny didy voarakitra an-tsoratra ataon'ny manam-pahefana ara-pitsarana, raha toa misy fanenjehana efa andàlana amin'ilay olona voakasik'izany, izay ataon'ny manam-pahefana na antokon-drahahaha mahefa noho ny fandikan-dalàna sy ny didy amam-pitsipika manan-kery, voasazin'ny lalàna amin'ny sazy noho ny heloka bevava na sazy noho ny heloka tsotra, na noho ny fanamelohana tena raikitra amin'ny fandoavana lamandy na amin'ny sazy fampidirana an-tranomaizina entitra noho ny heloka na fandikan-dalàna, raha toa ny sazy, tsy voavono tamin'ny alalan'ny famelana na didy, na tsy voakosoka tamin'ny famotsorankeloka na fanarenana, mbola tsy notanterahina.

Ny fanalana ny fandrarana tsy hivoaka any ivelany dia didian'ny manam-pahefana ara-pitsarana mahefa, avy hatrany na araka ny fangatahan'izay mila izany, raha toa ka misy fanakilasiana ny antontan-taratasy fa tsy misy tohiny, na famonoana ny fitoriana noho ny iray amin'ireo antony voalazan'ny lalàna, na koa ho tohin'ny fanatanterahana ny fanamelohana.

Na dia eo aza ireo fepetra ireo, ny teratany voan'ny fandrarana tsy hivoaka any ivelany dia afaka, noho ny fangatahany, miandranda ny fanomezan'ny manam-pahefana ara-pitsarana izay namoaka ny didy, fahazoan-dalana

manokana hivoaka ny tanim-pirenena, noho ny antony tena ilaina eo amin'ny lafiny ara-pahasalamana na momba ny fianakaviana tena voaporofa ara-dalàna.

**Andininy 2.-** Noho ny fanovana natao tamin'ny andininy faha-9 ny iantsoana ny Lohateny IV amin'ny Lalàna laharana faha-91-025 tamin'ny 12 aogositra 1991 voalaza etsy ambony dia ovana toy izao manaraka izao : **LOHATENY IV : MOMBA NY FANDRARANA TSY HIVOAKA ANY IVELANY**".

**Andininy 3.-** Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblikan'i Madagasikara izao Lalàna izao.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 02 aogositra 1996

***NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,***

***NY SEKRETERA,***

***ANDRIAMANJATO Richard Mahitsison***